grandprof.net


# MALAGASY

## A. ENDRI-PANADINANA

Faharetany : 3 ora sy 30 minitra
Lanjan'isa : 4

## I. TORO-LALANA

(Nalaina tao amin' ny Analyse des Epreuves, BACCALAUREAT, MALAGASY, navoakan' ny MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE, Martsa 2003)

### 1. Laza adina I : tsy maintsy atao

- Fanontaniana roa (2) no apetraka ary tsy maintsy valiana daholo.
- Isa enina (6) no omena ireo fanontaniana roa ireo, ka isa telo (3) isaky ny fanontaniana.
- Toy izao no endrik' ireo fanontaniana ireo :
  - Fanontaniana ahafantarana ny fahalalana ny literatiora malagasy : tantarany, karazany, mpanoratra, asa soratra ... sns.
  - Fanontaniana mikasika ny finoana, fiheverana, fahendrena (soatoavina) eo amin' ny Malagasy.

*Fanamarihana :* Valiana tsirairay mivantana ny fanontaniana ary tsy tokony hihoatra ny andalana dimy (5) ny valin' ny fanontaniana tsirairay.

### 2. Laza adina II : Isafidianana ny A sy B

- Laza adina A : Famakafakan-kevitra.
- Laza adina B : Fanadihadiana lahatsoratra.
- Omena isa efatra ambin' ny folo (14) ity laza adina II ity.
- Tsy voafetra ny halavan' ny asa fa araka izay nampianarina ny mpiadina.
  - Laza adina A : Famakafakan-kevitra

    Miompana amin' ny fahafantarana ny literatiora sy ny filôzôfia malagasy ny laza adina : karazany, mpanoratra, asa soratra, finoana ... sns.

    Ohatra : - Famakafakana fehezan-teny na andian-teny notsoahina tamina lahatsoratra iray ;
    - Famakafakana hevitra mpanoratra, na mpandinika, na mpahay tsikera.
    - "Fakafakao sy Tsikerao" hatrany no lalan' asa takiana amin' ny mpiadina.

grandprof.net


- Laza adina B : Fanadihadiana lahatsoratra
  - Tsy tokony hihoatra ny andalana roapolo (20) ny lahatsoratra omena hohadihadiana.
  - Ny fipetraky ny fanontaniana dia hoe : "Hadihadio".
  - Azo atolotra hohadihadiana na tononkalo na lahatsoratra tsotra. Ahatarafana ireo lohahevitra nohalalinina nandritra ny dingana fahatelo.

## II. NY FOMBA FIASA EO AMIN'NY FAMAKAFAKAN-KEVITRA SY NY FANADIHADIANA LAHATSORATRA

### 1. Laza adina A : Famakafakan-kevitra

- ***Teny fampidirana :***

Misy sokajin-kevitra dimy (5) :
- Tari-dresaka izay mampiditra ny foto-dresaka
- Kara-panondron' ny laza adina sy / na ny laza adina (averina ny laza adina raha fohy ary atao ao anaty farango sosona « »)
- Foto-kevitra
- Olana fototra
- Drafitra (miompana amin'ny fakafakao sy tsikerao)
  * Renihevitra 1 : lohateny manaiky ny laza adina.
  * Renihevitra 2 : lohateny mandà ny laza adina.
  * Renihevitra 3 : lohateny mandravona

- ***Vontoatiny :***

- Atsangana ny fàfana mirakitra ny renihevitra, zana-kevitra, porofon-kevitra, fanehoan-kevitry ny mpandinika na ny mpanoratra notaterina tao amin' ny porofo (RH, ZK, PK, FNK).
- Soloina ny voambolana ao amin' ny fàfana misy ny RH fa tsy adika akory ny lohateny tao amin' ny drafitra. Izany hoe ny hevitra, ilay ao ihany fa ny voambolana no ovaina.
- Ao anatin' ny RH iray dia tokony hisy ZK telo, PK telo, FNK telo farafahakeliny.
- Manelanelana ny fàfana misy ny $RH_1$ sy $RH_2$ dia tokony efa hamorona teteza-mita. Toy izany koa manelanelana ny $RH_2$ sy $RH_3$

- ***Teny famaranana :***

Misy sokajin-kevitra telo (3) :
- Famintinana ny tao amin' ny Vontoatiny.
- Fanomezana ny hevitry ny tena.
- Ady hevitra vaovao

grandprof.net


**2. Laza adina B : Fanadihadiana lahatsoratra**

- ***Teny fampidirana***

Ny mahasamihafa azy amin' ny laza adina A dia eo amin' ny fanolorona ny laza adina sy ny drafitra :

- Fanolorana ny laza adina
  - * Omena ny sokajin' ny lahatsoratra
  - * Omena ny kara-panondrony
- Drafitra : Miankina amin'ny fizaran' ny lahatsoratra no isan' ny RH (2 na 3)

- ***Vontoatiny***

- Ny porofon-kevitra dia tsy misy afa-tsy ny ao amin' ny lahatsoratra ihany
- Atsangana ny fafana (RH, ZK, PK, FNK)

- ***Teny famaranana***

Misy sokajin-kevitra telo (3)

- Famintinana ny Vontoatiny
- Fanomezana ny hevitry ny mpiadina (~~amiko~~, ~~hevitro~~)
- Ady hevitra vaovao

**III. Fandrindrana an-tsoratra :**

| | |
|---|---|
| ______________________________ ________________________ . | Teny fampidirana |
| | Mandingana andalana roa na telo |
| ______________________________ ________________________ . | $RH_1$ tao anaty fàfana |
| ______________________________ ________________________ . | $ZK_1$, $PK_1$, $FNK_1$ |
| ______________________________ ________________________ . | $ZK_n$, $PK_n$, $FNK_n$ |
| | Mandingana andalana iray |
| ______________________________ ________________________ . | Tetezamita lehibe |
| | Mandingana andalana iray |
| ______________________________ ________________________ . | $RH_2$ tao anaty fàfana |
| ______________________________ ________________________ . | $ZK_1$, $PK_1$, $FNK_1$ |
| ______________________________ ________________________ . | $ZK_n$, $PK_n$, $FNK_n$ |
| | Mandingana andalana roa na telo |
| ______________________________ ________________________ . | Teny famaranana |

grandprof.net


## B: FAMPIHARANA

### A. ANDIAM-PANONTANIANA

#### a) Marina – Rariny –Hitsiny

1. Farito tsirairay avy ny marina, rariny , hitsiny.
2. Tanisao ireo karazana marina.
3. Mitadiava andian-teny ahitana ny teny hoe “marina”.
4. Lazao avy ny toetra ananan’ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny.
5. Omeo izay toetra iraisan’ny marina sy ny rariny ry ny hitsiny.
6. Inona no toetra tsy mampitovy ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny.
7. Lazao avy izay endrika isehoan’ny marina, rariny, hitsiny.
8. Ahoana ny fifampiankinan’ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny?
9. Inona avy ny vokatry ny fanaovana ny marina, rariny, hitsiny.
10. Manomeza tenin’ny mpanoratra mikasika ny marina, rariny, hitsiny.
11. Mitadiava Ohabolana mikasika ny marina, ny rariny, ny hitsiny.

#### b) Fanahy

1. Farito ny atao hoe: “fanahy”.
2. Manomeza andian-teny ahitana ny teny hoe: “fanahy”.
3. Tanisao ireo fivoaram-panahy ao amin’ny olombelona arakaraka ny sokajin-taonany.
4. Inona avy ireo ambaraton-pisehoan’ny fanahy ao amin’ny olombelona?
5. Ahoana ny fomba atao mba hananam-panahy?
6. Lazao izay manavaka ny hoe “olona Hendry” sy ny hoe “olon-kendry”.
7. Inona ny vokatry ny fananam-panahy.
8. Manomeza tenin’ny mpanoratra mikasika ny fanahy.
9. Mitadiava Ohabolana mikasika ny Fanahy.

#### d) Zanahary – Andriamanitra – Razana

1. Farito avy ny hoe: zanahary – Andriamanitra – Razana.
2. Omeo avy ny anjara asan’izy ireo ary sintony amin’izany ny mampitovy sy ny tsy mampitovy azy ireo.
3. Lazao izay toetra iraisan’izy ireo.
4. Iza avy ireo sokajin’olona mitahy, rehefa maty?
5. Lazao izay vokatry ny finoana ireo hery telo ireo.
6. Tanisao ireo sokajin’ny razana tsy mitahy amin’ny Malagasy.
7. Inona no fototry ny famadihana amin’ny Malagasy?
8. Mitadiava Ohabolana mikasika azy ireo tsirairay avy.

grandprof.net

B. **FANADIHADIANA LAHATSORATRA:**

## A. MARINA – RARINY – HITSINY

NY MARINA HOE ?...

Nahoana ianao no mandany fotoana
Sondria mijokaiky sy ory eo foana ?
Sokafy ny maso, ry lay mitomany ;
Avia banjino ny toetry ny tany :

Anarany foana ny hoe firenena
Mpanompon'ny rariny sy be fahendrena ;
Mba fomba fiteny ny hoe barabara,
Fa izy rehetra dia samy tsy tsara.

Ny fahamarinana tadiavinao
Dia nofy mihelina sady mandao ;
Ny andro anofisana, azo tsapaina,
Fa lasan-ko aloka nony maraina !

Na aiza na aiza ambonin'ny tany,
Ny rariny hoe- tsy hita ao izany !
Izay manam-bola, izay manam-bava,
Ireo no marina eke-dalandava !

Kanefa tazano, hatony, tomory :
Ny manankarena mambabo ny ory.
Ny be fahefana finaritra hamely,
Ny olon-dehibe hametsy ny kely

Fa saingy ny teny lambolamboina
Dia mody ny marina no antsoantsoina ;
Ny heviny kanjo tsinjovy fa indro :
« Nahoana ny kely no avela hamindro ? »

Ny Avana RAMANANTOANINA

## B. FANAHY

Foto-pisainan'ny Malagasy ny hoe : "Ny Fanahy no olona", maneho izay heveriny ho fototry ny soa rehetra manendrika ny fiainan'ny mpiara-monina. "Ny Fanahy maha-olona" no tsy maintsy manentana antsika eo amin'ny hetsika amam-panao rehetra.

Tsy hotafarina ny firenena raha tsy io "fanahy maha-olona" io no zary fototra iorenan'ny fiarahamonina indray. Raha voakolokolo tsara izy dia tsy ho kobaka am-bava intsony fa ho tanteraka an'asa ny fanajana ny fahamendrehan'ny olombelona tsy ankanavaka, ny fikatsahana ny soa iombonana, ny fananana konsiansy sy eritreritra eo am-panatanterahana ny adidy aman'andraikitra.

Hanarenana izany "fanahy maha-olona" izany eto amin'ny firenena, dia ny Malagasy tsy misy avakavaka no tsy maintsy mahatsiaro tena ho tompon'andraikitra, misikina herim-po sy fahasahiana hanarina ny toe-javatra.

In Gazety <u>Lakroan'I Madagasikara</u>, 03/04/88, tak. 04.( Bacc.2007)

*<u>Fanontaniana</u>* : Hadihadio io lahatsoratra io.

## D. ZANAHARY – ANDRIAMANITRA – RAZANA

***<u>Lahatsoratra 1</u>:***

Latsa-bavaka i Mino: "Misaotra anao izahay, ry Andriamanitra. Fa na toy inona hadalanay, tianao foana, na toy inona hamavomavoanay, zanakao ihany.

grandprof.net

Mbola tsy very anjara avy aminao izahay, na dia voailiky ny olombelona efa nitsara anay mialoha ho ratsy sahady aza! Misaotra, Tompo ô!"

Ny vavaka,hono, no fofonain'ny fanahy. Ary ireny tora-panahy ireny no mety handona ny varavaran'ny lanitra, indrindra raha fohy toy ny saotran'i Mino izy ka mivongana toy ny vato atoraka.Fa niainga dia niainga ny fanahiko, niantoraka tany amin'ilay Nahary. Antenaiko fa hisy lalàn'ny Tany tsy mahatakatra ny didin'ny Lanitra, ka tsy ho fahotana ny fandikana azy. Antenaiko fa hisy didin'ny Lanitra hihoatra ny lalàn'ny Tany mba ho famotsorana amin'izay natao ho fahotana. Antenaiko izany!

Fa ny vavaka manko no mba mandan' ny fanahy, ny fanahy mirenireny, tsy mahita iantorahana...

I.P. ANDRIAMANGATIANA, Vakivakim-piainana, takila58.

Hadihadio.

***Lahatsoratra 2:***

NY RAZANA

Moa matory va ny razana ao ambany rangolahy
Sa momba antsika ihany ka mibitsika am-panahy?...
Fon'iza no mitempo ao anatintsika izao?
Mbola mba ny fony va? Ny ao anatinao, tsapao !
Ao ireo tanàna haolo atorian'ny taolambalony...
Nandao azy ireny isika: vohitra hafa no takalony!
Nefa miantso antsika izy mba hitodika an'ireny
Sy hihaino ao anaty ny fanahiny miteny!
Ny avelony mimpody mitady Havana hitafana
Babangoana anefa indrisy fa efa resy ny tanàna!
Ny ao anatitsika koa sao avela ho babangoana!
Moa tsy mety ny mitandro ka miahy ny anaran-dray?
Henoy ny feon'ny Razantsika ndrao izy hangaihay?
Mahita antsika tsy azy instony ka IZY INDRAY NO HISAONA!

Dox, Hira va? , 1946

Hadihadio.

### E. NY LITERATIORA AMIN'NY ANKAPOBENY

***Lahatsoratra 1*** : NY SORATRA

Inona àry ny mpanoratra, inona àry ny poeta?
Moa 'lay mpiantsa horakoraka sa mpikalo manjoretra?
Moa mpanaitra tadin-tsaina sa valiha mihararetra?
Na 'lay mpitady ny tanteraka saingy tsy afaka hetaheta?...

Fa inona àry ny mpanoratra, fa inona àry ny poeta?

grandprof.net


Moa mibanjina habakabaka sa eto an-tany no mitoetra?
Va 'lay voahasina manokana mpitondra hafatra voapetra?
Moa ilay mpilaza tena sa 'lay akon'ny rehetra?...
Iza àry ny mpanoratra, iza àry ny poeta?...
Moa mba isan'ny vahoaka sa mpihataka ts'ho petsa?
Moa mpirotsaka eny an-koraka sa mpihoby sy mpitsetra?
Mpitsikera fahatany sa mpandoka tsisy fetra?...
Va 'lay mpanonofinofy, sa zavamisy no aboraka?
Inona àry ny poeta?... Inona àry ny mpanoratra?...

ILAY , Sandratra, Amboara voalohany, Nôvambra 1985

***Lahatsoratra 2* :** NY MPANORATRA SY NY MPAMAKY

Mamoha fientanana tsy mbola tafapoitra tanteraka ao amin'ny olona ny soratra; manetsiketsika ny sainy hanakatra ny fivelaran'izao tontolo izao, ary mampitampody azy indray ao amin'ireo zavaboary velona efa nihatahan'ny fiainany andavanandro; eo andanin'izany koa anefa, mitahiry ny fahaveloman'ny fireneny tsy ho tapaka ao amin'ny ladina ifampitohizan'ny fisiany: ny fahiny, ny ankehitriny ary ny ho avy(...)

Na toy inona na toy inona heverina ho fiezinezin'ny talentan'ny Poeta, dia tapany ihany: ny talentan'ny mpamaky no manovana azy ho erany. Ampy hampivaona zavatra betsaka ny tsy fahaiza-mamaky: manova ny endri-tsary aman-kevi-teny.

Karazany roa ihany ny soratra, raha bangoina, dia izay heverina ho "teraky ny fo" sy izay heverina ho "teraky ny saina". Iza no mahasoa kokoa? Mitovy, mifameno. Misy fotoana ilàna ireny tononkira manentohento fihetseham-po ireny, dia amin'irony vanin'andro hafahafa tsaroa-mampakiana sy toa hahamaito ny ao anatiny ao. Ny habibiana rehetra vitan'ny olombelona dia vokatry ny fihamafisan'ny fony.

Dia avy manaraka izany ireo tononkira teraky ny saina, toa makafokafoka matsatso; ndraika sarotra sy mandrevo, toa tsy mety takatra marina, saingy mahagaga fa toy ny misy hery manintona anao hiverimberina aminy, ho liana sy hanakatra... ary vita ny asan'ny mpanoratra. Ninona* ny hery tao anatin'ny sorany ianao, hery nanetsiketsika ny saina. Izay no voa nafafiny ka hitsimoka (...).

Randja ZANAMIHOATRA, Vain'afo tononkira, tak 5-8

*Ninona : nisotro, nigoka